

8 MAY 2010.

24 Iyar 5770.

## Ny faharetana.

« *Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy.*» ( Apokalipsy 14:12)

Tsy azo atao ny manavao ny toetra amam-panahy amin'ny ezaka kely etsy sy eroa. Ny fanabeazana dia tsy vita indray andro na iray taona fa mandritra ny fiainana manontolo. Ny fandresena ny hambo-pon' ny tena manokana mba hanatrarana ny fahamarinana izay takian'ny lanitra dia asa tsy mety tapitra raha tsy amin'ny faran'ny fofon'aina.. Raha tsy misy ezaka mitohy, raha tsy misy asa tsy miato dia tsy azo antenaina ny fandrosoana sy ny satro-boninahitra fandresena.

Ny porofo fa notsoahina tamin'ny olona ny toerana ambony nisy azy dia ny fahaserotana tsapany eo ampanatrarana izany. Tsy ho tonga amin'izany mihitsy izay raha tsy mitolona tsy ankijanona isan'ora.

Fotoana iray hanaovana zavatra tsy amim-piheverana fotsiny dia mampiditra antsika ambanin'ny herin'ny maizina kanefa mila hery lehibe vao hahatapaka ny rojo famatorany ary hahatongavana any amin'ny fahamasinana. Azo atao ny manapa-kevitra ny amin'izany, kanefa mila ezaka,fotoana, faharetana, fizotoana sy fihafiana.

Tsy azontsika atao ny manaraka ny fironana anatintsika ao ka mijanona tsy miambina fotoana kely monja. Iodidinan'ny fakam-panahy maro isika ka tsy maintsy miady mafy raha tsy izany resy. Raha sendra lasan'ny fahafatesana isika kanefa tsy mbola vita ny asa dia ho very anjara mandrakizay. Niady tamin'ny tenany mandrakariva i Paoly nandritra ny fiainany. Hoy ny nambarany: «*mifanehatra amin'ny fahafatesana isan'andro aho*» (1korintianina 15:31). Ny sitrapony, ny fironany dia mifanohitra foana amin'ny adidiny sy ny sitrapon'Andriamanitra. Kanefa toy izay nanaraka izany faniriany izany izy ary na dia mitaky aza ny nofony dia naleony nifandrindra ny fiainany amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Nony farany rehefa nijery todika ny tolona nahazoany fandresena izy dia afaka niteny hoe : « *Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahana aho; nitahiry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa.* » (2 Timoty 4 :7,8)

Ady tsy mitsahatra ny fizorana amin'ny fiainana kristianina. Amin'ny fiezahana mitohy, amin'ny asa tsy miato ampahazotoana no handresen-tsika an'i Satàna. Tokony hotratrarina sy ho tazonina amin-kery lehibe ny fahatanterahana kristianina na inona na inona fitsapàna.

Tsy misy hahatratra toerana avo kanefa tsy nanao fiezahana mitohy ho azy manokana. Ny rehetra no tokony hirotsaka amin'io ady io satria tsy misy afaka hitolona ho an'ny hafa. Tompon'andraikitra amin'ny vokatry ny tolona nataony ny tsirairay. « *Na dia ao aza ireto telo lahy ireto, dia Noa sy Daniela ary Joba, dia ny tenany ihany no ho voavonjiny noho ny fahamarinany, hoy Jehovah Tompo.* » Ezekiela 14 : 14)

Ellen G. White *Le ministère de la guérison* p. 389 – 390.

